UNIS POUR UN MEILLEUR AVENIR

PROGRAMME D'APPUI AU FINANCEMENT DE L'AGRICULTURE ET AUX FILIÈRES INCLUSIVES AUTOUR D'ANTANANARIVO MADAGASCAR (AFAFI-Centre)

"Fandraisana andraikitra ifotony mikendry famokarana lovainjafy sy sakafo ara-pahasalamana"

DÉVELOPPEMENT INTÉGRÉ, AMÉNAGEMENT ET BOIS-ENERGIE

FANANGANANA FATANA NOHATSARAINA VMTP (Voay MITaPy)

APETRAKA NY HAZO ANOMANANA NY LAVAKA FANDREHETANA IZAY MIREFY 1,5M NY HALAVANY ARY 15 NA 20SM NY SAVAIVONY




APETRAKA IREO TSATOKA MIISA 8 SY IREO DABOKA 4





ALAHATRA MANARAKA NY SAKAN'NY FATANA IREO HAZO MADINIKA MIREFY 1,5M IZAY ATAO HOE LAFIKA



ATAO MANOHAN-DRIVOTRA

NOHO IZANY DIA MIAVAKA TANTERAKA AMIN'NY FATANA MATI-AC SY MATI-SC NY FATANA VMTP



FAMETRAHANA IREO TATATRA NA EVENTS



TOY IZAO NY REFIN'NY TATATRA IRAY: LAVANY: 1,5M SAKANY:20SM HALALINY: 10 - 15SM

IREO TATATRA FANTSON-DRIVOTRA FITANTANANA AFO MANARAKA NY LAVAN'NY FATANA IZAY MIISA 4 DIA ATAO MIALA 50SM NY ZORON'NY FATANA



NY TATATRY NY LAFAORO KOSA DIA ATAO AFOVOANY TSARA, EO ALOHAN'NY ZORON'NY FATANA NO MISY AZY

TATATRY NY FANTSON-DRIVOTRA FANDREHETANA IZAY MIISA 1 DIA ATAO EO AFOVOAN'NY FATANA AO AORIANA






REHEFA VOALAVAKA NY TATATRA DIA TAMPENANA RAVINKAZO SY VOVON-TANY EO AMBONY MBA HO TOTOTRA.
VITA IZAY DIA ALAHATRA NY HAZO HO DORANA

RAKOFANA RAVINKAZO NY FATANA REHEFA VOALAHATRA NY HAZO REHETRA



VITA IZAY DIA RAKOFANA VOVON-TANY



MBA HAMPIHENA NY VOVON-TANY AMPIASAINA DIA AZO ATAO NY MANISY HAZO NA BAINGA TANY NY SISIN'NY FATANA

ESORINA NY HAZO EO AMIN'NY LAVAKA FANDREHETANA



SOKAFANA NY TATATRA REHETRA MBA TSY HO FATY NY AFO



VITA IZAY DIA AREHITRA NY FATANA


REHEFA AZO ANTOKA FA MIREHITRA NY AFO DIA TAMPENANA NY LAVAKA FANDREHETANA



TOY IZAO NY ENDRIKY NY FATANA VMTP REHEFA VITA



NY SETROKA FOTSY AMIN'NY VOALOHANY DIA MIDIKA FA MILAMINA TSARA NY AFO





REHEFA MIVADIKA HO MANGA NY SETROKA DIA BE LOATRA IZAY NY RIVOTRA KA MILA TAMPENANA NY LALAN-DRIVOTRA TANDRIFY NY RIVOTRA MAHERY



RAHA SENDRA BE LOATRA NY SETROKA AMIN'NY ILANY MIFANOHITRA AMIN'NY RIVOTRA



DIA TAMPENANA NY SISINY TANDRIFY NY RIVOTRA MAHERY

RAHA SENDRA KA MISY VAKY NY FATANA DIA TAMPENA-NA AMIN'NY BOZAKA SY VOVON-TANY



MASAKA NY SARIBAO REHEFA TSY MISY SETROKA INTSONY



MAHARITRA ROA NA TELO ANDRO NY FAMONOANA NY AFO





REHEFA VITA IZANY DIA RAOFINA NY SARIBAO ARY AMPIDIRINA ANATIN'NY GONY

Maître d'ouvrage | Maître d'oeuvre | Opérateurs

PLANETE URGENCE Groupe SOS

cirad